Ady hevitra mivantana

**Nivoaka ny nafenina momba ny kandidà Andry Rajoelina** 6


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 11 desambra 2018 Laharana 849 Vidiny : 400 Ar

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**I Korintiana 11: 26** 5

Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 92), 09 desambra 2018

**Andavamamba sy Isotry, faritra iva** 2 4

# Nampiseho ny tsy mahampanavakavaka azy Dada N°25



**BEN'NY TANÀNA LALAO RAVALOMANANA** 2

## Nanome fitaovana ho an'ireo mpanasa lamba teny Ambalambahoaka



**Lapan'ny tanànan'Antananarivo** 3

## Tena nanome 5 miliara ho fanamboarana azy Ravalo

**Eliana Bezaza** 3

## Fahavalon'ny fitsinjaram-pahefana Rajoelina sy Ratsirahonana

**Fifanatrehana voalohany** 3

## Ny marina tokoa no mandratra

**Daka kely**

Voaporofo fa tena tranon-dainga tokoa ialahy ry Boaikely a !

**Boriboritany faha-5 (CUA)** 5

## Nanome vary ho an'ny olona miisa 400 teo



ANDAVAMAMBA SY ISOTRY

## Nampiseho ny tsy maha-mpanavakavaka azy Dada N°25

Fitaovana entin'ny mpifaninana hanaratsiana ny kandida N°25 Marc Ravalomanana ny filazàna, fa olona manavakavaka izy ary tsy tia ny vahoaka madinika eny ambany tanàna sy ny olona any amin'ny faritra. Noporofoiny omaly fa tsy marina io filazàna io satria Andavamamba no notsidihan'ny kandida N°25 Marc Ravalomanana voalohany ary niarahany nihosona tamin'ny vahoaka teny, taorian'ny ady hevitra mivantana tamin'ny fifanatrehana mivantana teo aminy sy Andry Rajoelina tao amin'ny haino aman-jerim-pirenena ny alahady lasa teo. Tsy nandeha irery Dada teny Andavamamba fa niara-dia taminy i Neny Lalao Ravalomanana izay notronin'ireo vahoaka avy amin'ny fikambanana Ambalambahoaka, eny amin'ny faritra iva eto Antananarivo Renivohitra. Namafisin'ny kandida N°25 tamin'ireo mponin'Andavamamba fa tena tia ny Ambalambahoaka izy, tsy tenenina amin'ny vava fotsiny na averimberina isan'andro anefa izany hoy izy fa tsy maintsy porofoina amin'ny asa. Aza matahotra ianareo hoy Dada fa ao anatin'ny 100 andro dia hataontsika milamina sy mahafinaritra ny tanàna toa an'Andavamamba. Ny resaka fako eto Antananarivo indray, raha vao tonga eo amin'ny toerana isika dia ho avy ny bakan-jaoridira marobe hanadiovana ny tanàna, toy ny nisy tamin'ny taona 2002, fa manàna faharetana kely ianareo hoy Dada nanome toky ireo mponina nanatrika azy. Vavahady hidiran'ny vahoaka Malagasy avy any amin'ny faritra Antananarivo, ka tsy maintsy ataontsika izay hanamboarana azy. Fa ankoatra izay, tsy nijery fotsiny ireo mpanasa lamba tao amin'ny toeram-panasan-damba ao Isotry tetezan'i Bekiraro i Neny Lalao Ravalomanana, fa nijery ny tokony hanampiana ireo mpikarama matihanina renim-pianakaviana aman-jatony tao an-toerana. Tao anatin'izany no nanoloran'i Neny Lalao Ravalomanana fitaovana hoentin'ireo fikambanana mpanasa lamba toy ny koveta, siny, savony sns. Ankoatra izay, nisy ihany koa ny fizaràna tee- shirt misy fanentanana ny tokony hanadiovana ny tanàna satria zava-dehibe ho an'ny tanànan'Antananarivo hoy izy ny miaina ao anaty fahadiovana amin'ny maha soa iombonan'ny Malagasy azy. Faly ireo mpanasa lamba tamin'ny fanomezana nataon'i Neny satria tena miaina ao anaty fahasahiranana lalina izy ireo ankehitriny. Ny fanirianay hoy ireo vahoaka madinika mpanasa lamba ny mba hanomezana vahaolana maharitra fa tsy tolorana lava ohatra izao. Nitohy teny Anosibe Mandrangobato ny fihaonan'i Neny Lalao Ravalomanana tamin'ireo vahoaka, na tsy afaka niaraka taminy aza ny kandida filoha Marc Ravalomanana. Nampanantena ireo fikambanana Ambalambahoaka nandritra izany fa hanaraka ny filoha Ravalomanana ary hanao izay hampandany azy eny amin'ny faritra iva. Tia anay Dada hoy izy ireo fa tsy marina ny filazàna fa mpanavakavaka izany izy. Mailo izahay Ambalambahoaka amin'izao fihodinana faha 2 izao, fa tsy tahaka izay niseho tamin'ny fihodinana voalohany ireny. Harahinay maso akaiky ny fandehan'io fifidianana io sao mitady hangalambato eo hoy ny Ambalambahoaka ary manome toky anareo izahay fa hiakatra ambony ny vaton'ny filoha Marc Ravalomanana ety amin'ny faritra iva amin'ity fihodinana faha 2 ity.

***Isambilo***

Ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana

## Nanome fitaovana ho an'ireo mpanasa lamba teny Ambalambahoaka

Tsy nijery fotsiny ireo mpanasa lamba tao amin'ny toeram-panasan-damba, teny ambany tanàna na Ambalambahoaka ihany koa no filaza azy ankehitriny, tao Isotry tetezan'i Bekiraro ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana, fa nijery ny tokony hanampiana ireo mpikarama matihanina renim-pianakaviana aman-jatony tao an-toerana omaly. Tao anatin'izany no nanoloran'i Neny Lalao Ravalomanana fitaovana hoentin'ireo fikambanana mpanasa lamba toy ny koveta, siny, savony sy ny zavatra maro hafa… Ankoatra izay, nisy ihany koa ny fizaràna tee-shirt misy fanentanana ny tokony hanadiovana ny tanàna satria zava-dehibe ho an'ny tanànan'Antananarivo ny miaina ao anaty fahadiovana amin'ny maha soa iombonan'ny Malagasy azy, araka ny ambaran'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana hatrany rehefa manao fitsidihana eny ifotony izy. Faly ireo mpanasa lamba tamin'ny fanomezana nataon'ny ben'ny tanàna satria tena miaina ao anaty fahasahiranana lalina izy ireo ankehitriny. Ny fanirianay dia ny mba hanomezana vahaolana maharitra, fa tsy tolorana lava ohatra izao foana araka ny nambarany tamin'i Neny.

***Helisoa***

Miadanandriana Manjakandriana

## Mangataka an-dRavalo hamerina ny kits scolaires

Velon-traraina ireo ray amandrenin'ny mpianatra ao amin'ny kaominina Miadanandriana Manjakandriana ankehitriny satria mahatsiaro ireo soa tamin'ny fitondran'ny filoha Marc Ravalomanana. Anisan'izany ny fanomezana kits scolaires ireo mpianatra miaraka amin'ny kitapo ho an'ny mpampianatra mpanabe isaky ny sekoly. Tsy mifidy io na miankina na tsy miankina amin'ny fanjakana fa nahazo avokoa. Tsy nisy fanavakavahana ara-bolon-koditra na fihaviana ihany koa fa nahazo avokoa ny rehetra. Nahatsiaro ho afapahasahiranana tanteraka ireo ray aman-drenin'ny mpianatra satria voajerin'ny mpitondra fanjakana izy ireo. Malahelo anefa ireo ray aman-drenin'ny mpianatra hatramin'ny taona 2009 nisian'ny fanonganampanjakana teto, fanonganampanjakana izay nataon'i Andry Rajoelina sy ny forongony, ka nahapotika ny firenena malagasy. Nanomboka teo dia nikorosy fahana ny fianan'ny malagasy ary tsy tafarina intsony hatramin'izao. Tsy vitan'izany, fa sady namotika no tsy namerina ny hasin'ny malagasy sy ny fampandrosoana tamin'ny andron-dRavalomanana ireo mpandrava ireo. Vokany, izao sisa iainan'ny malagasy ary sahirana sy potika ny fiainan'ny isan-tokantrano. Very fanahy mbola velona ny mponina, indrindra fa ireo ray aman-drenin'ny mpianatra nahazo tombontsoa tamin'izany fotoana. Maniry izay filoha lany hitondra fampandrosoana amin'ny lafiny rehetra ny vahoaka malagasy ary manamafy fa tsy misy mahasolo azy amin'ny fampandrosoana ny firenena fa kobaka am-bava sy fihatsaram-belatsihy no misy eto. Vonona arak' izany ny vahoakan'i Miadanandriana sy ny manodidina fa hifidy sy hanome ny vatony ho an-dRavalo ny 19 Desambra 2018 ho avy izao .

***Rajo***

Andry Rajoelina

## Niditra amboletra tao amin'ny Kianja Rasolonjatovo

Niditra amboletra tao amin'ny kianja Rasolonjatovo Ambatondrazaka i Andry Rajoelina. Niteraka fahatezerana teo amin'ireo mpankafy baolina kitra izany. Mahatsiaro tena ho natao tsinontsinona ireo mpanao baolina kitra avy any Andriamena. Avy lavitra izy ireo no nandranto lalao tao Ambatondrazaka ny faran'ny herinandro teo, ka betsaka ny fandaniana nandritra ny hadimiana nijanonany tao Ambatondrazaka. Lasa nitombo indray ny fandaniana satria tsy vita ny lalao noho io fidinan'ny helikoptera nitondra an'i Andry Rajoelina tao amin'ny kianja Rasolonjatovo io. « Fanaovana tsinontsinona anay tanora izao » hoy izy ireo. Avy ny orana tany Ambatondrazaka tamin' izany. Tsy afaka niantsona tao amin'ny Espace Laza ireo helikoptera telo niara-dia tamin'ity kandida laharana faha-13 ity. Niantsona teny an-tanimbary ny iray. Tsy naharitra ela anefa fa dimy minitra teo dia niakatra indray, dia io nitsofoka tao amin'ny Kianja Rasolonjatovo avokoa izy telo, rehefa nihodinkodina teny ambony teny nitady izay hitoerana. Nalaina tamin' ny fiara nankany amin'ny Espace Laza ny delegasiona avy eo. Niandry ny sitrapon'izy ireo ny mpilalao baolina kitra, nentin-katezerana.

***Ny Valosoa***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Tsy matoky mpikaroka Malagasy i Andry Rajoelina

Tsy matoky ary tsy manome lanja ny manampahaizana malagasy i Andry Rajoelina. Hita taratra izany amin'ny zavatra nambarany toy ny resaka lazainy, ohatra, amin'ny fametrahana "puce" amin'ny omby. "Efa naka expert avy any ivelany aho", hoy izy. Io vahiny nalainy io no hanao ny "puce" sy hivarotra izany eto. Fanomezana vahana tsotra izao ny vahiny hatrany amin'ny sehatr'asa eto amin'ny firenena izay efa fanaony io. Nahoana no maka manam-pahaizana avy any ivelany? F'angaha tsy hisy Malagasy afaka hahavita izany eto. Tsy matoky ary tsy manome lanja ny mpikarokaa eto an-toerana izany n'inona n'inona ambarany sy ny mpanohana azy. Midika tsotra izao koa izany fa misy tetika maizina tiany atao miaraka amin'ny vahiny tsy fanta-pototra rehetra izao eto amin'ity firenena ity. Tsy mandehandeha ho azy akory ny volabe efa nolaniana tamin'ny fampielezan-kevitra tamin'ny fihodinana voalohany sy izao miatrika ny fihodinana faharoa izao. Volabe izay fantatra fa mahatratra ny tetibolam-panjakana ampiasaina ao anatin'ny telo taona.
Iaraha-mahalala fa be ireo sekoly ambony eto amin'ny firenena no manao fikarohana ary mamoaka mpianatra vita fianarana isan-taona. Maro manam-pahaizana eto amin'ity firenena ity. Fa tsy fantatr'i Andry Rajoelina izany. Ahoana koa no ahafantarany izany fa variana amin'ny "bizina hamarotana ity firenena ity " fotsiny ny tenany sy ny manodidina azy. Efa nisy izany fa tsy foronina akory tamin'ny andron'ny tetezamita. Amin'ny fomba ahoana no itokisana olona toy izany izay mikasa hitondra firenena. Ny manampahaizana eto dinganina ary tsy ifampierana akory amin'ny vinan'asa kasaina hotanterahina, ka firenena inona no handroso na hisandratra amin'izany? Resabe mampandry adrisa hatrany no tena hainy ary hala-tahaka amin'ny programan'asan-dRavalomanana no mody isehosehoana fa tsy misy zava-baovao. Ny fototra amin'ny fampandrosoana raha hanandratra marina ny firenena izany aza tsy hita amin'izay ambarany hatramin'izay ka hatramin'izao. Io tsy mety hanaovana hala-tahaka be fahatany amin'ny any ivelany araka ny eritreriny. Izay mety ho voafitany amin'izany no mila mieritreritra lalina dieny mbola misy fotoana mialohan'ny 19 Desambra sao diso aoriana ka hanenina.

***Sôh'son***

*TONONKALO*

## Any ianao ry Boaikely

Hamokatra olona mpitarika sarety,
Izany indray no tetikady ry boaikely ?
Dia ireo no ampiakanjoana ho metimety,
Fa ianao ho lasa dadabenoely ?

Ireo no mody mba jerena sy topazana,
Sady aseho f'ianao dia mba malala-tanana ?
Miainga indray ny tetikady fanambazana
Fa antomotra ny androm-pifidianana ?

Dia tsy maintsy ho fividianana mpifidy,
No hany lalana mba hitanao sakaiza ?
Io hatrany no hany mba fanalahidy,
Saingy izany moa hitondra anao hatraiza ?

Paika, tetika maloto hatrany hatrany,
No ampiharina hahazoana fahefana ?
Efa tamin`ny sivy taona no hoatr`izany,
Saingy izao, mitohy hatrany ny hadalana ?

Raha ny anay, aleo hotsorina mazava :
Dada ihany, dada hatrany no hotohanana.
Halavirinay ny jiolahy mpandrava,
Fa ny anay dia Marc Ravalomanana.

***DADAN`i ZINA (03-12-18)***

## Ny Valosoa sy hadihady

# Fifanatrehana voalohany : ny marina tokoa no mandratra

Eo am-bavan'ny olona rehetra, na politisiana na olompirenena tsotra na mpikirakira haino aman-jery, ilay adihevitra nifanandrinan'ny kandidà roa hiatrika ny fihodinana faharoa amin'ny fifidianana filoham-pirenena ny 19 Desambra 2018 ho avy izao, tao amin'ny onjampeo sy fahitalavim-pirenena. Samy mitsimpona izay fehezan-teny navoakan'ny andaniny sy ny ankilany tiany handresen-dahatra izay miresaka aminy ny mpomba ny tsirairay. Ny tiana ho marihana dia izay naverimberin-dRajoelina Andry fa tsy mijanona mijery ny lasa foana ny kandidà laharana faha-25 Ravalomanana Marc. Tsy mahafehy ny zavatra teneniny anefa Rajoelina Andry satria miteny ny tamin'ny 2002 foana izy izay lazainy fa nanongam-panjakana koa ny kandidà K25, Ravalomanana Marc. Tsara hampahatsiahivina, indrindra ho an'ny tanora tsy niaina izany fa resaka fiarovana ny safidim-bahoaka no niteraka ny hetsika. Rehefa notanterahina ny fifidianana filoham-pirenena ny faran'ny taona 2001 dia nafindran'ny Amiraly Ratsiraka Didier, kandidà sady filoha am-perinasa, tany Mantasoa ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ary tany ity andrim-panjakana ity no namoaka ny voka-pifidianana izay feno hosoka ary tsy nifanaraka tamin'ny fitànana an-tsoratra (PV) teo am-pelatanan'ny kandidà Ravalomanana Marc. Marina fa nisy ny fihanihanana amin'ny naha filoha lany tamin'ny fomba demokratika azy nataon'ny kandidà Ravalomanana Marc ny 22 Febroary 2002. Teo no nanomboka ny krizy ka nisian'ny fihaonan'ireo kandidà roa , indroa mihantoana tany Dakar-Sénégal izay namoahana ny fifanarahana fa hatao ny fampitahana ny fitànana an-tsoratra (PV) rehetra, ka voamarina tamin'izany fa nandresy tokoa ny filoha Ravalomanana Marc, ka nanao fihanihanana indray ny 6 mey 2002. Ny zava-doza anefa dia teraka tao an-tsain'ny amiraly Ratsiraka Didier ny nanambara ny fahaleovantena ny Mizakatena (Provinces Autonomes) sy nanendry governora tany amin'ireo renivohi-paritany dimy ary nanao fahirano an'Antananarivo, ka notapahin'ireo mpomba azy ny tetezana tao Amboasary- Ambalavao, kilometatra vitsy alohan'ny idirana an'i Behenjy. Nanao sakana tao amin'ny tetezan'i Bickaville, RN 2, sy ny tetezan'i Kamoro, RN 4, ny mpomba an-dRatsiraka. Teo no nitsangana ny "Zanadambo" izay nivondronan'ireo miaramila taloha sy tanora nandrava ireny sakana ireny ary nitsoaka tany Frantsa niainga tao Toamasina ny Amiraly sy ny namany. Tsy nifanaraka tamin'ny Lalàmpanorenana tamin'ny Repoblika III-2 izany ny fananganana faritra mizaka tena izany, ka midika ho famadihana Tanindrazana. Tsy nisy izany ny fanonganam-panjakana tamin'ny alàlan'ny basy aman-tafondro tamin'ny 2002 toy izay nisy tamin'ny 2009. Nisy fotoana mbola sahy niteny ihany Rajoelina Andry fa tsy maintsy lany indray izy amin'ny fihodinana faharoa, raha ny programa anefa no hasiana resaka dia tsy maharesy lahatra loatra izany hahalany ity kandidà ity izany. Manaporofo ny mety hanaovan-dRajoelina Andry barofo indray ny tsy namaliany ilay fanontaniana hoe: "manaiky izay vokatra havoakan'ny Vaomieram-pirenena misahana ny Fifidianana ve ireo kandidà" satria narirarirany fotsiny ny resaka. Fanontaniana iray izay sarotra tokoa ny namaly azy dia ny resaka "franc-maçon" satria na ny Malagsy aza dia vitsy no mahafantatra ity resaka ity, ny azo lazaina dia misy marika ahafantarana izany fikambanana izany ka anisany ny sary "pyramide" ka hita eo amin'ny litera "A" (Andry) izay misy tanamasoandro amin'ny afisin-dRajoelina. Tsy napetapetaka fotsiny io tanamasoandro io fa misy dikany ary misy tian-kambara ka ny olona mahafantatra ny mombamomba ny "franc-maçonnerie" ihany no mahatsikaritra izany. Teo koa ny resaka "bois de rose", namafisin'ireo mpanao gazety niasa teo akaikin-dRajoelina Andry tamin'ny tetezamita fa nisy tokoa ireo "bois de rose" tao lavoloha saingy rehefa lasa ny Filoha Ravalomanana Marc dia naondran-dRajoelina Andry tany Chine ireo andramena ireo. Niaraha- nahatadidy koa ny 300 taonina voasakana tao Comores ary nandeha tany mihitsy ny praiminisitry ny tetezamita, Camille Vital nijery azy fa tsy hita koa izay najavonany. Vola be daholo no naterak'izany ka ampahany fotsiny ihany no nanaovana ireny fotodrafitrasa ireharehan-dRajoelina Andry ireny satria tsy misy vola maniry toy ny anana eto, ka na tsy nisy fanampiana avy any ivelany aza dia nahatsangana ireny izy. Azo inoana fa ny ampahany betsaka no nahazoan-dRajoelina Andry nividy trano any ivelany any. Matoa niverimberina foana ny tamin'ny 2002 dia izay, angamba, no nasesiky ny nandefa somaiso tao amin'ny finday ka sady tsy azo itokisana mihitsy ity kandidà ity no mampanonofy ny gasy mbola marivo salosana.

***Andry Tsiavalona***

K25 Fort Dauphin

# Tapakevitra ny hampandresy an' i Dada amin'ny fihodinana faha 2

Tapakevitra ny hampandresy an'i Dada N°25 amin'ny fihodinana faha-2 ny K25 any Faradofay, tsy maintsy mandresy ny mpanohana an'i Dada hoy izy ireo. Vaovao nambaran'ireo mpikambana ao amin'ny K25 nandritra ny resadresaka tamin' ireo mpikambana amin' ny komity mpanohana an'i Dada. Niray feo fa hanao izay farahery ho amin'ny fampandaniana an'ny Filoha Marc Ravalomanana Marc ny 19 Desamba izao. Raha tsy dia nihetsika firy ireto k25 tamin'ny fihodinana voalohany, fantatra fa hanao stratezia, paika hampandresena ny kandida laharana faha 25 izy ireo. Tsy mijanona ao Fort Dauphin renivohitra ihany fa midina any amin'ireo kaomina manodidina sy tamin'ireo fokontany. Na fampielezan-kevitra aza no atao, misy ny fampianarana sy toto-marika ho an'ireo mpanohana an'i Dada. Amin'ny ankapobeny ireo tanora, manao izay faraheriny hampandaniana ny kandida tohanana. Mitety vohitra, miampita baka, miharitra ny haratsian'ny lalana. Tokana ny tanjona dia ny hanohanana an' i Dada ho amin'ny fampandresena miezinezina, ka ho marin-toerana ny fitondrana ho avy eo.

***Mangarahara***

Eliana Bezaza

# Fahavalon'ny fitsinjaram-pahefana Rajoelina sy Ratsirahonana

Samy manana ny fanehoankeviny ny mpanao politika isanisany amin'izao ankatoky ny fifidianana fihodinana faharoa izao. Samy manana ny fanazavany ny safidy nironany ihany koa. Hafakely sy miavaka amin'ny maro anefa ny fanehoan- kevitry ny sekretera nasionalin'ny antoko Psd, Eliana Bezaza ny faran'ny herinandro teo iny. Fahitsiana sy fahasahiana tanteraka namboraka ny marina mikasika ny fanetriben'ny firenena teto hatramin'izay, izay vitan'ny mpanao politika efa fantadaza mihitsy.
Nohitsian'i Eliana Bezaza, fa misy olona tsy mitsahatra milalao an'i Madagasikara eto ary efa 20 taona mahery no nanaovany izany, tsy iza io fa ingahy Norbert Lala Ratsirahonana. Nampihàtra ny politikan'ny tsy mena mivadika hatrany io rangahy io ary nahatonga ireo mpanao politika sasany tsy nanana henatra na kely akory aza nivadibadika palitao. Tao ambadik'ireny krizy samihafa nitranga teto amin'ny firenena hatrany ingahy Norbert Lala Ratsirahonana hoy i Eliana Bezaza. Nisy dian- tanany avokoa tamin'ireny nitranga ny taona 1996, 2002, 2009 ireny. Mbola izy no tao ambadika nametraka an'ingahy Hery Rajaonarimampianina teto, tamin'ny 2013 ary isan'ny namolavola ilay accord politique vao haingana tamin'ity taona 2018 ity koa. Tsy menatra mampanongam- panjakana ary tsy mijery sy mikatsaka afatsy ny fahafahampony manokana izy. 20 taona mahery no nilalaovany ny firenena sy nitondrany ankolaka ny fanjakana malagasy saingy krizy sy fahantrana hatrany no nisy hoy ity sekretera nasionalin'ny antoko Psd ity. Noho ingahy Norbert Lala Ratsirahonana dia nanjary filalaovana politika iarovana sokajin'olona ny fitsarana avo momba ny lalam- panorenana (HCC). Lasa tsy manaja ny antanan-tohatra tokony harahany ny rehetra, indrindra ny tafika. Izay misy an'io rangahy io dia tsy misy zavatra madio fa hafetsifetsena hatrany no miasa sy manjaka.
Fahavalon'ny fitsinjaram- pahefana mihitsy i Norbert Lala Ratsirahonana sy Andry Rajoelina izay tohanany hoy i Eliana Bezaza. Mpiaro ny fivangongoam- pahefana ao amin'ny fitondrana foibe ny tenany ary mitsipaka izay hevitra mivoy ny fitsinjaram-pahefana lalandava.
Mifanipaka tanteraka amin'ny vina nimatimatesan'ny Psd anefa izany hoy i Eliana Bezaza, ka nahatonga azy ireo tsy nirona tany amin'izay nisy an'io rangahy io. Ny fitsinjaram- pahefana rahateo koa antony nitiavan'ny Psd an'i Marc Ravalomanana, ka izao hanohanany sy hampandaniany azy izao.
Nametraka hafatra ho an'ity zokibe ara- politika ity mihitsy ny Psd ka nilazany hoe efa leo krizy izahay ary tianay hivoitra amin'ny fampandrosoa ny mpiray tanindrazana aminay, koa mahaiza ianao Andriamatoa Norbert Lala Ratsirahonana maka retirety fa efa betsaka loatra izay tsy fahombiazana nata onao teto izay.

***Ny Valosoa***


## NY TENY FIAINANA



*Filipiana 4:12*

*Mahalala hietry aho, ary mahalala hitombo; na aiza na aiza, ary na amin'inona na amin'inona, dia efa nampianarina ny ho voky sy ho noana aho ary hanam-be sy halahelo.*

facebook NY VALOSOA


Nanome 5 miliara ho fanamboarana ny lapan'ny tanànan'Antananarivo Ravalo

Le discours du Maire Andry Rajoelina

Excellences Mesdames et Messieurs,

« Fihavanana – Firaisan-kina ou Solidarité – Fitiavana ou Amour » sont les maîtres-mots qui président la reconstruction de notre Hôtel de Ville.

Antananarivo mérite de retrouver sa référence la plus structurante, dans l'administration d'une ville.

En 1936, un grand édifice de caractère a été érigé en ces lieux mêmes.

En 1972, 36 ans après, ce même bâtiment a disparu sous les flammes.

Voici 2008, 36 ans plus tard, tous ensemble nous marquons l'histoire en redonnant à Antananarivo sa lettre de noblesse, en dotant notre métropole d'une infrastructure importante.

Les opérations de construction sont enclenchées.

Avoir un Hôtel de Ville c'est se doter de moyens pour améliorer la gestion de la Cité. Comme dans tout Hôtel de Ville de cette envergure, les fonctions suivantes y seront affectées :

Le Conseil Municipal et son Bureau permanent, le Cabinet et les Départements Centraux de la Commune, ainsi que les espaces dédiées à la réception des hôtes de marque.

La conception architecturale de cet Hôtel de Ville va également permettre l'aménagement d'un véritable « KIANJA ». Lieu de découverte de l'histoire et des projets de notre ville, il sera aussi un lieu de formation sur les métiers urbains pour mieux préparer l'avenir.

Un nouveau lieu de promenade, d'expositions artistiques y donnera également un nouveau cachet à l'Avenue de l'Indépendance.

La mise en œuvre des études [illegible] conformité avec les procédures [illegible] en vigueur, va se dérouler pendant une [illegible] de 24 [illegible].

[illegible]ous disposons actuellement d'environ 50% du budget prévisionnel, grâce aux [illegible]ontributions du Chef de l'Etat et d'autres généreux donateurs, à qui je réitère toute [illegible]a reconnaissance.

[illegible] contributions financières de [illegible] chacun, à qui j'adresse déjà tous mes remerciements.

Notre objectif est de faire d'Antananarivo une Ville moderne et ouverte à l'international qui se développe selon des valeurs inspirées de la sagesse malgache.

Je suis persuadé et je reste confiant que nous édifions aujourd'hui un bel héritage pour les générations futures.

Que la lumière qui brille dans nos yeux, que la force qui anime nos cœurs, fasse de nous de vrais bâtisseurs d'avenir. Voilà pourquoi cette reconstruction de l'Hôtel de Ville d'Antananarivo marquera le début de la modernisation de notre capitale.

Ensemble, relevons ce défi !

« L'UNION FAIT LA FORCE. VIVE ANTANANARIVO ! »

Andry Rajoelina,

Samedi 17 mai 2008

**Arp Helisoa :** ity no porofo fa nanome 5 miliara ho fanamboarana ny lapan'ny tanànan'Antananarivo ny filoha Marc Ravalomanana fa tsy araka ny nanambaran'i Andry Rajoelina azy. Nandainga indray ny filohan'ny mpanongam-panjakana nandritra ny ady hevitra tamin'ny TVM.

**Tantely Andriatsilavina :** aza omena tsiny izy, efa zatra mpandainga hatramin'ny 2009.

**Vola Rajaobelina :** tena porofo mitohaka amin'ny tendany tokoa ity kabary nataon-dRajoelina tamin'ny taona 2008 ity, tena tranon-dainga tokoa ilay Boaikely.

**Miha Tsiaro :** tsy matotra mintsy le 13.

**Tahiry Parfait :** tena marina mintsy Arp, efa zatra mpandainga tamin'ny 2009, tsy 2009 intsony anefa ny 2018, efa mivoatra be ny teknolojia.

**Domoina Raza :** olona tsy manana vina akory fa mampandry adrisa ilay Rajoelina.

**Ratinaharijaona Harimanana Samson Holivololona :** Mbola tsy mikatona ny loha malemin'ny zandry kely.

**Benja Randriamalala :** finaritra... kamo be aho mihaino an'i zandry, tsy afaka manome date aho fa tadidiko fa hoy indrindra izy t@ izay, izaho nahare t@ télé, mangataka izay télé manana ny tahirin-tsary aho nilazany fa ny filoha no hanome antsika ny antsasany @ fananganana ny lapan'ny tanàna, izany hoe 25milliards fmg, 5 milliards Ariary.

**Jaotianasoa Andrianoro :** marina io, ary tsy hiteniteny an'izany mihitsy i dada, satria azo hamarinina eny @ trésor io, ny date de virement nataony, t@ hetsika ho fanorenena ny rova sy ny hotel de ville niantsoana ny vahoaka rehetra nataony t@ izany fotoana izany !

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

**Dada sy Neny nitsidika ireo faritra iva teto Antananarivo Renivohitra omaly.**



















## I Korintiana 11: 26

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 92), 09 desambra 2018

***I Korintiana 11: 26 "Fa na oviana na oviana hianareo no mihinana itony mofo itony sy misotro amin'ny kapoaka, dia manambara ny fahafatesan'i Jesosy hianareo mandrapihaviny."***

Ety am-piandohana dia tiako ny manohy izay nosoratako JEHOVAH taminareo fa ny Fanasan'i JESOSY anareo dia ny fanambaranareo ny FAHAFATESANY. Tsy ampy anefa io fa ampio hoe NY FITSANGANANY tamin'ny maty afaka 3 andro, NY FIHAVIANY indray. ***I Korintiana 15: 4*** *"dia nalevina, ary natsangana tamin'ny andro fahatelo araka ny Soratra Masina"*, **I Korintiana 15: 13-14** *"Fa raha tsy misy fitsanganan'ny maty, na dia Kristy aza dia tsy natsangana; ary raha tsy natsangana Kristy, dia foana ny toriteninay, ary foana koa ny finoanareo."*, ***II Timoty 2: 8***, ***Jakoba 5: 8*** *"Mahareta koa hianareo, mampahereza ny fonareo, fa efa mby akaiky ny fihavian'ny Tompo."* Ny Teny Fikasana rehetra nambarany no asehonareo miharihary ary ny Fanasany no anehoanareo izany. Toy izao no dikany, na iza na iza izany mpandray dia manambara ireo voalaza etsy ambony. Averiko foana mba hazava aminareo: hoy JESOSY, izao no ataovy mba hahatsiarovanareo AHY, (JESOSY io miteny io). Izany hoe: ny fotoana izay anaovanareo ny FANASANA dia aoka tsy hiova na tsy tanterahina, aoka tsy ho fombafomba. Raha toa hianao ka efa vita ireo dingan'ny Batisa ka tokony ho efa mpandray dia hianareo rehetra izay miangona eo dia ***I Korintiana 11: 23-26*** *"Fa izaho efa nandray tamin'i Jesosy izay natolotro anareo kosa, fa Jesosy Tompo tamin'iny alina iny izay namadihana Azy, dia nandray mofo, ary rehefa nisaotra Izy, dia novakiny, ka hoy Izy: Ity no tenako ho anareo; izao no ataovy ho fahatsiarovana Ahy. Dia araka izany koa ny kapoaka, rehefa nihinana, dia hoy Izy: Ity kapoaka ity no ilay fanekena vaovao amin'ny rako; izao no ataovy ho fahatsiarovana Ahy, na oviana na oviana no misotro hianareo. Fa na oviana na oviana hianareo no mihinana itony mofo itony sy misotro amin'ny kapoaka, dia manambara ny fahafatesan'i Jesosy hianareo mandra-pihaviny."* Mofo = tandindon'ny tenan'i JESOSY. Nisaotra IZY= nivavaka IZY. Novakiany= nozarainy. Ny kapoaka= ny ranomboaloboka izay tandindon'ny Ràny. Ny mofo sy ny ranomboaloboka izay ekenareo ny mihinana sy misotro azy miaraka, io no nataon'i JESOSY hoe : izao no ataovy ho fahatsiarovana AHY. Ny fiarahanareo manao izany no ilazana amin'i losifera fa hianareo dia miara-manaiky fa JESOSY IZY no Mpamonjy ary IZY no Mpanjaka. Maneho izany ilay atao tsy tapaka. Izany koa dia efa midika sahady hoe: misy ambonin'ny tany ny Fanjakako izay tsy mba misehoseho fa amin'ny endrika fanehoana Didy vaovao, FANEKENA VAOVAO. Ireo dia midika hoe: mifankatia hianareo ary tsy misy fisaraham-bazana, miara-manaiky hianareo sady miandry AZY amin'ny fahatsiarovana ny famonjeny, ny fitiavany, ny famelan-keloka nataony anareo sy ny famindrampony mandra-pihaviny. Rehefa tonga eo amin'io SEHATRA LEHIBE io hianareo dia ireo ilay voasoratra ho olom-boavonjy, zanaky ny FANJAKANA. Manomboka eo dia ny asan'ny lanitra no atao mba hampitomboina sy hampandrosoana ny Fanjakako satria ho avy ny ADIN'NY LANITRA sy ny TANY. Ka ireo izay mbola tsy tafiditra ao amin'ilay Fanjakako no miaramilan'ny tany, fa ireo izay efa tafiditra sy voasoratra ao amin'ny Boky fa olom-boavonjy no miaramilan'ny Lanitra. Aza manao antsirambina fa marina izany. Raha mitoetra tsara hianareo izay efa mpandray dia manomboka eo ny fifidianan'ny Fanahy Masina araka ny anjara ASA FANOMPOANA anendrena anareo tsirairay avy, indrindra koa ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA zaraina maimaipoana hanatanterahinareo ny ASAKO. Asan'ny Fanahy Masina izany, ***I Korintiana 12: 4-6*** *"Zarazaraina ho samy hafa ny fanomezam-pahasoavana, nefa ny Fanahy dia iray ihany. Ary zarazaraina ho samy hafa ny fanompoana, nefa Jesosy dia iray ihany. Ary zarazaraina ho samy hafa ny asa, nefa Jehovah Andriamanitra dia iray ihany, Izay miasa ny zavatra rehetra amin'ny olona rehetra."* Izao no tiako hambara aminareo : tsy misy olona na dia iray akory aza ka tsy ampiasain'ny Fanahy Masina araka ny HOSOTRA izay omena azy. Tandremo! Ny ASAKO JEHOVAH tsy atao amin'ny alalan'ny fahaizana na fahalalana noratovina na resadresaka sy fizahan-tavan'olona, tsy misy takalo na vidim-bola, tsy kiantrano an-trano sy fombafomba, tsy fifankahalana samy olona, tsy asam-pianakaviana, tsy misy risoriso na kolikoly, tsy misy hala tahaka na tsikombakomba, tsy filan-javatra na fitiavan-tena sy fankahalana. Aoka tsy hisy fanilikilihana sy fananganana fahavalo olona toa anao. Hoy JESOSY : be ny vokatra fa ny mpiasa no vitsy. Ny mpandray na ireo izay efa miray latabatra amin'i JESOSY dia tokony efa sady manana ny Fanahy Masina miaramiasa aminy sady manana ny anjara asa fanompoany. Ny Batisan'ny Fanahy Masina no miara-miasa aminareo hahavita ny anjara asanareo avy. Vakio ny tantaran'i Noa, Mosesy, Abrahama, Davida, Solomona, Daniela, marobe izy ireo indrindra fa ny Apostoly. Mba fantatrao??? Inona no antony nanendren'i JESOSY sy niantsoany ny Apostoly? Mba hanatanterahany ilay FANEKENA VAOVAO. Natao ny Batisa rehetra koa izy ireo, raha tsy izany dia tsy vitan'izy ireo ny andraikiny sy ny asany ary ny antso niantsoana azy ireo. Vakio ny Asan'ny Apostoly dia ho fantatrareo izy ireo. Talohan'ny niakaran'i JESOSY taty an-danitra dia nilaza ny amin'ny Fanjakako IZY. Faly ireo mpianatra ary maika hiasa sy hitory fa hoy JESOSY, ***Asan'ny Apostoly 1: 7-8*** *"Fa hoy kosa Izy taminy: Tsy anareo no hahalala ny andro na ny fotoana izay efa notendren'ny Ray amin'ny fahefany ihany. Fa hahazo hery hianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary hatramin'ny faran'ny tany."* Hianareo koa aza maika fa raiso aloha ny Fanahy Masina, ataovy aloha ireo Batisa. Io no HERY ho entinareo miasa dia miseho ny VONINAHITRO sady VOKATRA no tanjona= FANJAKAKO JEHOVAH.

Mbola hitohy

Amen! Haleloia!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

E-mail:
jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## TAFATAFA

## Fitondran'ny filoha Ravalomanana

# Ireo fahombiazana ny taona 2002 ka hatramin'ny 2008

***Fanehoan-kevitry ny olom-pirenena Hery Ny Aina momba ny zava-bitan'ny filoha Marc Ravalomanana ny taona 2002 ka hatramin'ny 2008 indray no Tafatafa eto amin'ny gazetinao androany, teo amin'ny sehatry ny fizahantany sy ny asam-panjakana.***

**Teo amin'ny sehatry ny fizahantany hoy izy**

Nandritra ny fotoana nitondran'ny filoha Marc Ravalomanana (2002-2008) dia niroborobo fatratra ny sehatry ny fizahantany, araka ny tarehimarika dia nitombo teo amin'ny 11 % isan- taona ny fahatongavan'ny mpizahatany teto Madagasikara ary nanome asa marobe, olona an'aliny sy faritra maro no nahita tombontsoa tamin'izany toy ireo mpitaridia, mpanao taozavatra, fampanofana fiara, toerana fandraisam-bahiny… Teo amin'ny foto-drafitr'asa goavana indray toy ny fanorenana trano fandraisam-bahiny dia nitombo 8 % isan-taona izany.

Indrisy anefa fa nitontongana tanteraka izany sehatry ny fizahantany izany nanomboka ny 2009 taorian'ny fanonganam-panjakana, satria nihena hatrany amin'ny 50 % ny fahatongavan'ny vahiny mpizahatany teto Madagasikara, nihena nanarak'izany koa ny fidirambolan'ireo mpandraharaha mikasika izany ary mpiasa maro no very asa.

Marihina hatrany fa nahatratra 375 000 (dimy arivo sy fito alina sy telo hetsy) ny mpizahatany tonga teto Madagasikara tamin'ny taona 2008. Ary tsy mbola tratra io isa io folo taona aty aoriana, satria 293 185 ny mpizahatany tonga teto tamin'ity taona 2018.

**Eo amin'ny sehatry ny mpiasam-panjakana**

Tamin'ny taona 2004 no nisy fanamboarana goavana ny marin-karaman'ny mpitandro filaminana toy ny polisy sy ny mpiandry fonja,j ka nampidirana ireo tombontsoa maro tao anatiny ny karamany, izay tsy nisy izany teo aloha, teo ihany koa ny mpampianatra mpikaroka eny amin'ny Ambaratonga ambony, mpampianatra eny amin'ny ambaratonga voalohany sy faharoa, ny mpitsara sns…

Tamin'ny fotoana nitondran'ny Filoha Ravalomanana ihany koa no nandraisana ilay tombontsoa manokana rehefa handeha hisotro ronono ny mpiasam-panjakana. Nanomboka ny taona 2005 ihany koa no nanomboka nandray fanampiana avy any amin'ny fanjakana ireo mpampianatra FRAM, ary aoka tsy hadino fa tamin'ny fampielezan-kevitry ny TIM na ny movansy Ravalomanana tamin'ny 2013 ny handraisana ireo mpampianatra FRAM ho mpiasam-panjakana. Teo ihany koa ny fampiofanana maro isan-karazany sy fanomezana fitaovana ho an'ny mpiasam-panjakana.

Betsaka no azo hambara raha momban'ny zava-bitan'ny Filoha Marc Ravalomanana, ary tanteraka sy azo tsapaintanana izay rehetra nampanantenainy.

***Nangonin'Isambilo***

## Boriboritany faha-3 (CUA)

# Nanadio tatatra ho fisorohana ny rano miakatra amin'ny fotoam-pahavaratra

Manoloana ny mety ho fiakaran'ny rano matetika eny amin'ny faritra Mahavoky Besarety, indrindra amin'izao fotoam-pahavaratra izao dia nisy ny fisokirana ireo tatatra nataon'ny avy eo anivon'ny Boriboritany faha-3, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) nanomboka omaly. Niara- nientana ny Direction des Travaux Publics (DTP), ny Equipe Spécialisée d'Assainissement (ESA), ny SAMVA ary ny ekipa teknika avy ao anivon'ny Boriboritany fahatelo, no nanatanteraka ny asa. Lakan-drano manodidina ny 100 m eo ho eo no ho diovina ary haharitra dimy andro ny asa satria hitohy hatrany Avaradoha izany. Araka ny nambaran'Andriamatoa Andrianaivojaona Lova Minoharisoa, Chef de service Tehnique eo anivon'ny Boriboritany fahatelo dia fanombohana ihany izao asa izao hisorohana ny fiakaran'ny rano eny amin'ny La Rotonde izay mampimenomenona ny mponina eny amin'ny manodidina iny faritra iny, satria dia maharitra adiny roa vao ritra ny rano rehefa avy ny orana. Tanjona ny tsy hampiaina ny olona ao anatin'ny rano. Efa misy ny fanadiovana mahazatra ataon'ny fiadidina ny kaominina fa tsy ampy hisorohana ny fiakaran'ny rano, ka manentana hatrany ny mponina izy ireo mba tsy hanary fako any anatin'ireny lakan-drano ireny.

***Aly***

## Boriboritany voalohany (CUA)

# Niara-nientana tamin'ireo ekipa mpanadio ny mpiasa birao

Omaly alatsinainy vao mangiran-dratsy dia tonga niara-nientana nanadio ny lalam-bahoaka nanomboka teny amin' ny Gara Soarano ka hatreo Ambohijatovo ireo mpiasa birao sy ireo mpamafa lalana rehetra avy eo anivon'ny Boriboritany Voalohany Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Antananarivo madio sy milamina no tanjona ary efa miezaka hatrany ireo mpitantana ny tanàna mba hanatrarana izany tanjona izany. Tsara ny manamarika fa efa nanomboka tamin'ny alatsinainy lasa teo ny fanombohan'ity asa fanadiovana ity ary ho ezahana hatrany ny hanatanterahana izany isaky ny Alatsinainy. Na dia eo aza anefa izany asa fanadio-



vana goavana izany dia mbola mitohy hatrany koa ny asa fanadiovana andavanandro izay ataon' ireo ekipa mpanadio tanàna.

***Aly***

FAMPIANARANA

## Nitontongana ny fampianarana any Manjakandriana noho ny fanonganam-panjakana

Nahazo fitaovana toy ny kits scolaires avokoa ireo sekoly miankina na tsy miankina amin'ny fanjakana tany amin'ny kaominina Miadanandriana, distrikan'i Manjakandriana tamin'ny fitondran'ny filoha Marc Ravalomanana. Tsy ny mpianatra ihany, fa nahazo tohana ihany koa ny mpampianatra tany amin'iny faritra iny. Sady nahazo fanohanana arapitaovana ny mpianatra, no nahazo "cantine scolaire" ihany koa. Taorian' ny fanonganam- panjakana nitranga teto Madagasikara anefa ny taona 2009 dia foana izany fanampiana sy fanohanana izany ary sahirana ny ray aman- drenin'ny mpianatra tamin'ny fampidirana ny zanany antsekoly satria lafo ny fitaovam-pianarana, manginy fotsiny ny tahotra amin'ireo mpianatra lavitry ny sekoly. Manoloana izany indrindra ary, dia hetahetan'ny mponina ny hitohizan'ny fanohanana ho an'ny ray aman-dreny sy ny mpianatra any amin' iny faritra iny, ka hampifidy ny kandida Marc Ravalomanana amin'ny 19 Desambra ho avy izao araka ny fanazavan'ny mpampianatra efa misotro ronono ao amin'ny kaominina Miadanandriana, Ramose Dilbera.

***Radafy***

Raharaham-pirenena

## Mahakivy mpampianatra i Andry Rajoelina

Mahakivy ny mpampianatra i Andry Rajoelina. Ankoatra ny tsy fahaizany ny dikan'ny teny sasantsasany nivoaka tao anaty adihevitra nifanatrehany tamin'ny kandidà laharana faha- 25, Ravalomanana Marc, dia teo ny tsy fahafehezany ny tokony hambara ao anaty sehatra iray. Iray lehibe amin'izany ny momba ny teny hoe "Fotodrafitrasa". Nanontaniana azy ny amin'izay fandaharan'asany momba ny lafiny fotodrafitr'asa hotanterahiny eto amin'ny firenena. Tsy nisy voatanisany anefa ireo teboka lehibe tokony horesahana ao anatin'izany sehatra izany, fa ny nahamaika azy ny niresaka ny fananganana trano fonenana sy kianja ara-panatanjahantena. Tsy izany anefa no teboka lehibe tokony horesahana raha miresaka fotodrafitr'asa izany. Tsy izany no ampianarin'ny mpampianatra any andakilasy any na any amin'ny kilasy fahatelo (3ème) io na indrindra any amin'ny kilasy famaranana (Terminale). Any amin'ireo kilasy ireo anie dia efa mianatra an'izany ny mpianatra amin'ny taranja tantara-jeografia. Koa nahoana no tsy hay ny mamaly sy manazava tsara izany kanefa ianao mihevitra ny hirotsaka sy ho lany filoham-pirenena? Ny fototra amin'ny fahalalana amin'io sehatra iray io aza tsy voaresaka mazava dia amin' ny fomba ahoana no inoana ny hahaizana mampandroso ity firenena ity ? Nahoana no tsy naseho izany tao anaty fisehosehoana ho mahay miteny sy mandaha-teny naneho hevitra tamin'iny adihevitra iny ? Miharihary fa manao resaka poak'aty tsy mitombina sy andrankandrana sy kitsapatsapa amin' ilay vina fampandrosoana ambarany Rajoelina.

Tsy fahamatorana izany hoy ny mpandinika maro, ary mety hampididoza tokoa ny ho avin'ny firenena manontolo. Ravalomanana Marc anefa, mifanohitra amin'izany, fa hainy tanteraka ny nilaza antsipiriany ireo teboka lehibe mandrafitra izany atao hoe "fotodrafitr'asa"izany. Nazava rahateo ny vina amin'ny fandaharan'asa nambarany tao anatin'izany. Raha manome naoty ny mpampianatra dia tena hifanalavitra tokoa ny naoty ho azon'izy ireo , ary raha mpampianatra tena sarotiny dia hampitampi-maso ny naoty ho azon-dRajoelina Andry. Toa zary mitombina ny hambara any anaty tambazotran-tserasera any tao anaty fotoanan'ny adihevitra fifanatrehana hoe: " Tsy ampy ilay mikosoka kapila fotsiny fa mila manana fahalalana".

***Radafy***

Boriboritany faha-5 (CUA)

## Nanome vary ho an'ny olona miisa 400 teo

Ho fitsinjovana ireo mponina eny anivon'ny boriboritany fahadimy Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), nisy fizaràna vary ho azy ireo ny faran'ny herinandro teo, teny Andranobevava. Olona manodidina ny 400 isa no nahazo tombony tamin'izany. Izao no natao dia ho fitsinjovana ireo vahoaka sahirana ara-pivelomana, satria araka ny vinan-dRamatoa Ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana dia laharam-pahamehana ho azy ny asa sosialy miantraika mivantana any amin'ny mponina. Hoy izy: "raha noana ny vatana dia tsizarizary ny fanahy". Nanampy ny kaominina tamin'izao hetsika izao ny K25, mpampandany ny kandidà Marc Ravalomanana N°25 amin'ny fifidianana fihodinana faha-2 ny alarobia 19 desambra ho avy izao.



*Ny fizarana vary nataon'ny CUA sy ny K25 teny Andranobevava, Boriboritany faha-5.*

***Isambilo***

**SARIITATRA:** Nanao ny lalana nodiavin'ialahy no kapoakako




Ady hevitra mivantana

## Nivoaka ny nafenina momba ny kandidà Andry Rajoelina

Nivoaka ny marina sy ny nafenina mahakasika ny kandida Andry Rajoelina, nandritra ny fihaonana voalohany teo amin'ny Kandida roa miatrika ny fihodinana faharoa, narahana mivantana tao amin'ny TVM sy ny RNM. Ireny no tena toetrany sy endriny ho an'ireo izay mbola tsy mahalala azy. Tranon-dainga ary tsy menatry ny mamorona fotsiny izao rehefa tratra tamin'ny marina. Mahavita mihitsy maneho hevitra mandrahona mba hilazana fa izy no tena nenjehina teto. Izy, hono, no tsy tian'ny filoha Ravalomanana, izy izany dia olona tena mampalahelo. Efa tsy mitafy henatra intsony ny anao lahy ary nohadinoiny hatramin'ny tena adihevitra nifanaovana. Voafatotry ny lelany ihany koa Rajoelina, ka ny paik'ady napetrany ihany no niverina tany aminy. Noheveriny mantsy fa ho tafiditra tao anatin'ny velapandriny ny Filoha Marc Ravalomanana kinanjo nandrora mitsilany ingahirainy, ka kendan'ny vomanga nasesiky ny tanany. Nibaribary teo imason'ny vahoaka Malagasy izao, fa nanongam-panjakana mba hangalarana ny harem-pirenena fotsiny no tanjon-dRajoelina na tamin'ny Tetezamiitatra io na amin'izao fifidianana filoham-pirenena izao. Izay raha atao indray mijery amin'ny maso tsy miangatra iny fandaharana: « Ho eny lavoloha » iny. Fa raha alefa lalindalina kokoa ny famakafakana dia azo lazaina fa tsy mbola mikatona tsara ny loha-maleminy satria tsy mahafehy adihevitra avo lenta tahaka ireny. Niavaka teo ny vary sy ny tsiparifary, araka ny nambaran'ny filoha Marc Ravalomanana hoe:"haiko tsara ny manavaka ny vary sy ny ahidratsy", hoy izy. Tratra ny lainga ny ary nivoaka ny porofo fa nihaona tamin'ny filoha Ravalomanana ingahy Andry Rajoelina sy Norbert Lala Ratsirahonana teny Ambohitsirohitra tamin'ny fotoan'androny. Mbola tratra ihany koa ny lainga maimbo marivo tototra fa hay nanome vola 5 miliara ananganana ny Lapan'ny Tanànan'Antananarivo ny filoha Marc Ravalomanana, izay nolaviny ankitsirano izao ny fisian'izany. Mbola nisaotra ny filoha Marc Ravalomanana mihitsy aza izy tamin'izany. Izany ve no mihevitra fa hitondra firenena ? Dia ny tena no menatra, hoy ny fitenin'ny tanora izay. Nibaribary toy ny vay ankandrina fa Rajoelina sy ny forongony no mpanondrana ny Andramena, ny volamena sy ny haren'ny vahoaka Malagasy teto. Izy ihany koa no lehiben'ny dahalo nampamono sady nampihorohoro eran'ny tanàna rehetra teny. Tsy hisy Malagasy hanaiky izany intsony eto afa-tsy ireo tompomenakeliny angamba. Asehon'ny vahoaka Malagasy maro an'isa amin'io fifidianana amin'ny faha 19 Desambra 2018 io amin'izay ny any am-pony tsy miloaka rehetra any. Izay ny amin'iny, fa voleny indray ny fampiadiana ny Malagasy, ka ilazana fa mankahala ankolafin'olona ny filoha Ravalomanana, toy ny eny ambany tanàna ohatra. Izao no tena marina, izay lazain-dRajoelina fa ataon'ny mpifaninana aminy, dia izy izay no hanao azy. Te hangalatra ny harem-pirenena sy hanao Kidnaping izy, dia lazainy fa ataony tsy afa-bela izay manao izany. Te- hanondrana volamena sy vatosoa izy, dia ambarany fa hatsangany ny rafitra hamehezana izany. Izany hoe, izy ihany no hamehy ny zava-drehetra tahaka ny nataony tamin'ny tetezamita. Tapitra hatreo Andriamatoa Rajoelina ny tantaranareo. Ny hadalana vitanareo hatramin'izay aza efa nanenenana, koa aleo dia efa mampionon-tena na farafaharatsiny miala tsiny amin'ny vahoaka Malagasy nofitahinareo hatramin'izay. Ny heloka hibaboana hono mody rariny ary ny marina tsy mba mety maty.

***Rajaonarimpanontsana***

## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao sy ho an'izay mety hiantefany rehetra.

Tompoko !

Izahay mpanohana an'i Marc RAVALOMANANA dia manambara antsika rehetra ary mampahafantatra fa tsy izahay no manao ireny fanaratsiana côtier anaty facebook ireny. Sanatria aminay ny hanambany ny Malagasy iray rà amin'ny tena sanatria aminay ny hanaratsy ny Malagasy satria samy Malagasy isika na avy any Antsimo na avy any avaratra... Mitovy daholo isika rehetra. Matahotra an'Andriamnitra izahay tsy hanao tsinontsinona NY samy Malagasy. Ho porofo fa tsy manaratsy ny samy Malagasy izahay dia misy ny mpampiady mpanely tsaho mitondra ireny compte fake na compte fôsika entina handotoana ireny. Zarao tompoko ho fantatry ny maro. Misaotra tompoko.

***Chamsdine Andriamiadana***
***Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao***






# Mahalala ny safidiny ny vahoaka Malagasy

## fahamarinana na fikorontanana





**Eny na dia mandeha mamaky ny lohasaha aloky ny fahafatesana aza aho, dia tsy hatahotra ny loza aho, fa Hianao no amiko; ny tsorankazonao sy ny tehinao, ireo no mahafa-tahotra ahy.**

*Salamo 23 : 4*

Vanim-potoana manan-tantara ny fifidianana filoham-pirenena amin'izao fotoana izao. Andaniny, Marc Ravalomanana, kandida n°25, izay efa filoha indroa voafidy tamin'ny fomba demokratika, ary ankilany ny mpitarika ny fanonganam-panjakana, Andry Rajoelina, kandidà n°13 izay lasa filohan'ny tetezamita tsy ara-dalàna ary tsy neken'ny fikambanam-be iraisam-pirenena.

Marc Ravalomanana, filoha teo aloha, dia nanana ny fahombiazana teo amin'ny fandraharana nandritra ny roapolo taona mahery talohan'ny nidirany nanao politika. Marc Ravalomanana, izay voafidy tamin'ny fomba demokratika no nampiroborobo ny toe-karena teto Madagasikara nandritra ny taona maro, namorona asa, ary nampisy ny fandriam-pahalemana. Ny fahaiza-mitarika nanan'Atoa Ravalomanana no nahatonga ny tany ho tan-dalàna, ny famatsiam-bola vahiny izay nahazoan'i Madagasikara tombotsoa zara mitovy, tsy nisy ny kolikoly, ary nandry fahalemana ny tany. Ny asa tsara nataon'i Ravalomanana tao anatin'ny fotoam-piasany faharoa dia tapaka tampoka noho ny fanonganam-panjakana notarihin-dRajoelina tamin'ny 2009.

Andry Rajoelina izay fantatra fa mpampandihy, dia nanamarika ny fikorontonana ara-politika teto Madagasikara. Taorian'ny fanonganam-panjakana tamin'ny 2009, no niainan'i Madagasikara ny tsy fahandriam-pahalemana nandritra ny taona maro ary niainan'ny vahoaka Malagasy koa anatin'ny tahotra. Ankoatran'ny tsy fandriam-pahalemana, ny gaboraraka, ny kolikoly nielim-patrana, ny tsy fahaiza-mitarika, ary ny tsy fananana traik'efa dia ireo no homamiadana nanimba an'i Madagasikara.

Ankehitriny ny vahoaka Malagasy dia manana ny safidy na ho amin'ny fahamarinana na ho amin'ny fikorontanana. Manana safidy izy na Ravalomanana na Rajoelina. Araka ny fitenin-drazana hoe ny penina dia maranitra kokoa noho ny sabatra izay tsy marina mihitsy. Manana ny fahafahana haneho ny safidy hendry ny vahoaka Malagasy ho amin'ny ho aviny fa tsy noho ny politika. Tsy maintsy misafidy ny Malagasy na fahamarinana izay midika, fitoniana, fandriam-pahalemana ary fandrosoana na tsy fahamarinan-toerana izay midika ho fahantrana, gaboraraka ary fikorontanana. Amin'ity fifidianana ity dia fantatra tsara fa manana tanjaka ny isa. Tsy maintsy mampiseho risi-po sy fahendrena ary firaisan-tsaina ny vahoaka Malagasy ary misafidy ny kandidà hitany marina fa hampandroso an'i Madagasikara.

